

HISY FAMONJENA HISEHO ...

« fa raha hangina mihitsy ianao amin'izao andro izao, dia hisy fahafahana sy famonjena hiseho avy amin'ny fitoerana hafa ho an'ny Jiosy » (Ester 4 : 14)

FAMPIDIRANA

Fanantenana ! izany no lohahevitra lehibe niompanan'ny Asafitoriana ny filazantsara ankehitriny. Fiangonana mitondra fanantenana eny amin'izay rehetra misy azy. Fiangonana manana fanantenana eo imason'izao tontolo izao. Ny fanontaniana dia ny hoe : tena izay tokoa ve isika ? Tena nahavita io adidy napetraka tamintsika io ve isika ? Ary mbola vonona ho amin'izany antso niantsoana antsika izany ?

ANTSO MISY FIHAİKANA !

Tsy mora akory ny miatrika ny fiainana, sy ny mizotra eo amin'izay niantsoan'Andriamanitra antsika. Andeha hanaraka ny tantaran'i Ester 4 isika. Niharatsy ny toe-javatra tao an-dapa. Lalàna tsy hananan'ny Jiosy fanantenana intsony no navoaka. Fahafahana no nampanantenain'i Jeremia Mpaminany fa hiseho afaka 70 taona saingy fandripahana ankehitriny no atrehan'izy ireo. Toa nihamaizina ny faminiana. Eo anatrehan'ny toe-javatra tahaka izany dia :

1- Tena fihaikana ny mbola mitoky amin'ny teny fikasana : nino izany i Mordekay : HISY FAHAFAHANA SY FAMONJENA HISEHO !

Nino i Mordekay fa azo antoka ny famonjena. Azo antoka ilay Andriamanitra ny famonjena. Tahaka an'i Abrahama dia nino izy fa azo antoka ilay nanome ny teny fikasana. Ka dia sahy indrindra izy niteny fa « hisy fahafahana sy famonjena hiseho... ».

Ny olona iray manana fifandraisana amin'Andriamanitra lalina dia ho fenoiny ny Fanahiny. Teny fikasana efa nomeny izany : « Ny Fanahiko no ataoko ao anatinareo... » (Ezekiela 36 : 27). Ary io Fanahiny io no hampahafantatra antsika ny marina rehetra fa hoy izy :

« Fa raha tonga ny Fanahiny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay ho reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. (Jaona 16 : 13)

Io Fanahiny io no hifandray amintsika sy hitari-dalana antsika ary hananantsika fahasahiana eo anatrehan'ny sy eo anatrehan'ny olona rehetra. Io irery no hahafahantsika manana fahasahiana hiteny ny Fanantenana ao anatintsika.

« Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahiny Masina aminareo dia ho vavolombeloko... » (Asa 1 : 8).

Izay indrindra no amporisihan'ny tenin'Andriamanitra antsika ao amin'ny Efesiana 5 : 17b :

« Aoka ho fenoina ny Fanahy ! »

Eo anatrehan'ireo fihaikana ny olona rehetra miseho efa sesilany manodidina antsika, eo anatrehan'ny fitotongana ara-moraly izay tsy hay lazaina intsony, eo anatrehan'izao tontolo izao very hevitra ny amin'ny vahaolana tokony ho raisina, eo anatrehan'ny olam-piainana mahery vaika mianjady amin'ny olona rehetra. Izay manana ny Fanahy ihany, izay manana fifandraisana lalina amin'ny Fanahy ihany, izay FENO NY FANAHY ihany no afaka hahajoro ho vavolombelona HITORY AMIN-KERY ny FANANTENANA fa HISY FAHAFAHANA ARY HISY FAMONJENA !

2- Fihaikana ny mijoro eo amin'izay niantsoan'ny Tompo :

Tsy azo atao ny mijoro eo anatrehan'ny Mpanjaka tsy nahazo alalana. Fahafatesena no vokatr'izany fahasahiana izany. Izay no nahatonga an'i Estera hilaza hoe : « koa raha tahiny maty aho, dia maty. » Fahasahiana manao ahoana re izany ! Azonao an-tsaina ve ? Firy amin'ny tanorantsika no sahy hiteny hoe : « raha tahiny maty aho, dia maty ! » Hijoro ho an'ny Tompo aho koa raha tahiny ho faty aho dia maty. Hijoro ho mahatoky aho amin'ny Tompo aho koa raha tahiny voaroaka amin'ny Sekoly aho dia voaroaka. Hijoro mahatoky amin'ny Jesosy sy Sabatany aho koa raha hilaozan'ny namako aho dia tsy hampaninona ahy izany !

Fahasahiana lehibe ny mijoro ho mahatoky amin'i Jesosy. Fihaikana izay mety hamoizana ny zava-tsoa rehetra, ny fananana rehetra, izay heverin'ny olona hafa rehetra ho mahaso, mety hahavery asa, mety hahavery vady aman-janaka ary mety hiafara amin'ny famoizana aina izany. Tsy mora araka ny hiheverantsika azy akory ny miatrika izany. Tsy vitan'ny vava miteny fotsiny izany. Fa ny marina tsy vitan'ny saina heverina ho matanjaka sy miseho ho matanjaka izany.

Heverinao ve fa saina matanjaka fotsiny dia ampy hiatrehan'ireo naman'ny Daniela telo lahy ny lafaoro misy afo mirehitra. Heverinao ve fa saina matanjaka fotsiny dia ampy hiatrehan'i Daniela ny lavaky ny liona sy ny fanonganana azy eo amin'ny fanjakana ? Heverinao ve fa vitan'ny fanapahan-kevitra sy tanja-tsaina fotsiny ny fifikiran'i Josefa tamin'Andriamanitra nefa noho izany noho nahaandevy sy mbola nahatonga azy tao an-tranomaizina.

Tsy vitan'ny herin-tsain'olombelona malemy izany. Tsy maintsy ho ny Fanahin'Andriamanitra no tao anatin'izy ireo ka nahafahan'izy ireo nijoro sy nitarika azy ireo teo amin'ny fijoroana ho vavolombelona mahatoky. Tsy maintsy ho nanana fifandraisana lalina tamin'Andriamanitra izy ireo. Ary inona izay tsiambaratelo izay ?

3- Fihaikana ny miantso firaisana indrindra ho amin'ny vavaka !

Mandehana ary, vorio ny Jiosy rehetra izay mba ato Sosana ary mifadia hanina noho ny amiko, ka aza mihinana na misotro hateloana na andro na alina; ary izaho sy ny ankizivaviko hifady toy izany koa, ary amin'izany no hidirako ao amin'ny mpanjaka, na dia tsy araka ny lalàna aza; koa raha tahiny maty aho, dia maty. (Estera 4 : 16).

Vorio ny Jiosy rehetra, mifadia hanina noho ny amiko... Ny vaovao mahafaly dia ny fivavahana ! fihaikana ny mbola sahy mivavaka na dia efa mafy aza ny atrehana ! Fa ny fivavahana ihany nefa no VAHAOLANA ho an'ny zavatra rehetra.

- Ny fivavahana no hany afaka mampiray sy mitondra eo amin'ny fifandraisana. Rehefa miara-mandohalika, mikimpy, sy mifantoka eo amin'i Jesosy ny saina mandritra ny fivavahana dia adino avokoa ny tsy fitoviana rehetra, toy ny olona iray isika rehetra, ary dia tafatambatra ho iray isika rehetra. Eo no tanteraka ny hoe : mba ho iray ihany izy rehetra !
- Ny fivavahana no hany afaka mitondra fifandraisana mahomby. Vavaka sy fifadiankanina. Eo amin'ny vavaka dia mifandray isika mba hifandray amin'i Jesosy ! Eo amin'io karazana vavaka io dia manokatra ny fo hihaino ny fitarainan'ny hafa isika, miombom-po aminy ary mangoraka sy mikatsaka izay hanampy azy amin'ny alalan'ny vavaka ! Eo amin'ny vavaka dia HISY FAHAFAHANA SY FAMONJENA hiseho !
- Eo amin'ny vavaka iombonana, eo amin'ny firaisantsika mivavaka dia omen'Andriamanitra hery hiseho eo anatrehan'ny fihaikana rehetra isika. Hahita fitia eo anatrehan'ny olona rehetra, hanana ny fahaizana mifandray rehetra tahaka an'i Estera.

Raha fintinina ny VAVAKA, ny FIRAISANA, ary ny FIFANDRAISANA (resaka nifanaovana tamin'i Mpanjaka) no niteraka fiovana lehibe teo amin'ny vahoaka Jiosy.

Rehefa feno ny FANAHY isika, rehefa Mifandray lalina amin'ny lanitra isika, rehefa Tonga eo amin'ny firaisana noho ny vavaka isika dia HISY FAHAFAHANA SY FAMONJENA hiseho ! ary izay no fanantenana asaina ho toriantsika.

Anio : HISY FAMONJENA HISEHO raha toa manaiky ny FANAHY isika, raha mampiray ny feontsika sy ny fontsika eo amin'ny vavaka sy ny fifandraisana lalina Aminy isika !

Pasteur Rado RAKOTONANDRASANA

Talen'ny Departemanta ny Fifandraisana IOUC